IMERINAFOVOANY 4

# MPANOTRA MALAZA, MATY VOAFAOKAN'NY MÔTÔ


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7472 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 17 janoary 2023


MARINA IZANY ! 7

## MIVILANA NY ADIHEVITRA !

RAFOLO ANDRIANAIVOARIVONY 2

## FOMBA IRAY IFEHEZANA NY TENY MALAGASY NY KABARY



MIDONGY ATSIMO 8

# OLONA 95 MATY MOSARY,



# HOY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA

ANDRO RATSY 8

## MISY TANGORON-DRAHONA 2 ARAHI-MASO AO AMIN'NY RANOMASIMBE INDIANA

TOKELY JUSTIN 7

## MIANTSO FITONIANA

MPITONDRA KAMIAO - RN2 8

## TAPITRA NY FANAIRANA, HIROSO AMIN'NY FITOKONANA






Mahatoky anao i MVola

MVola AVANCE hatr@ 1 000 000 Ar

Tsindrio ny #111*1# Tsy mivoaka ny trano

MVola Mobile Money

www.mvola.mg MVola

BANKY MPIARA-MIASA: BNI MADAGASCAR

G CL 398/13-7

Telma FINDAY KADOA



Telma S Prime

Batterie 4400mAH | Connectivités 4G+ | Ecran 6,26" HD

Selfie 8Mpx | Triple camera 13mpx+ 8mpx+ 0,3mpx

Octacore 2GB RAM | Stockage 16GB

Empreinte digitale & reconnaissance faciale

399 000 Ar TTC

HITANAO ENY AMIN'NY TELMA SHOP

G CL 397/26-14

Rafolo Andrianaivoarivony

# Fomba iray hifehezana ny teny Malagasy ny Kabary

*Mpampianatra mpikarotra teny anivon'ny sampampikarohana FLSH ny Profesora Rafolo Andrianaivoarivony.*

Mpandinika ny tantaran'i Madagasikara fahagola ihany koa izy ary mpikambana feno ao amin'ny Akademia Malagasy. Teo amin'ny faha-24 taonany izy no nanomboka nampianatra ary efa misotro ronono efa ho 10 taona mahery izy ankehitriny. Any Marseilles Frantsa izy no mieptraka amin'izao fotoana izao. Nisy ny resaka nifanoavany tamin'ny tanin-ketsan'ny Mpikabary any Marseille ny faran'ny herinandro teo ary anisan'ny navohitrany tamin'izany fa fomba iray hifehezana ny teny Malagasy ny Kabary. Mila fikarohana manokana sy fifehezan-tena anefa izany noho ny Kabary feno ohabolana sy haiteny. Tsy maintsy misy ny mpihaino ary tsy maintsy misy ny mpikabary izay vao atao hoe mikabary ny olona iray. Misy lalana mifehy anefa ny kabary izay havoaka sy resahina ka izay no mahatonga ny kabary atao hoe "hay volana". Fa ankoatra izay raha ny fanazavany dia isika Malagasy ihany no manana io lazaina hoe "hay volana" io ka rariny loatra raha tafiditra ho isan'ny haren-tsaina tsy azo tsapaintanan'ny zanak'olombelona ny kabary. Herin-taona izay no nametrahan'ny UNESCO izany ary rariny loatra raha nankalazaina mba hirosoana hatrany, tsy handraraka ilo mby an-doha.

**Korana tetsy amin'ny Le Pavé**

Ny Alahady teo moa no daty nentiny nankalazana izany izay nomarihana tamin'ny fizarana mari-boninahitry ny kanto sy ny teny ho an'ireo izay nahavita be teo amin'ny kabary. Valin'ny fangatahan'ny FI.MPI.MA izy io satria an-taonany maro no tsy mba nisy fizarana medaly teo amin'ity fikambanana ity kanefa anisan'ny nahavita be teo amin'ny fanandratana sy fiarovana ny teny Malagasy izy ireo. Ny androtr'io ihany moa dia nisy ny fifampiarahabana noho ny taona vaovao teto amin'ny Faritany FI.MPI.MA. Antananarivo izay natao tetsy amin'ny le Pave Anataninarenina. An-jatony ireo mpikambana niara-paly izay nahitana ireo solotena isan-tsampana. Tsy nohadinoina ny fanolorana solom-bodiakoho ireo Raiamandreny noho ny tonon-taona, Ny Filohamboninahitra, ny Filoha maneran-tany, ny Filohamparitany FI.MPI.MA. Antananarivo, ny Filohamparitany FI.MPI.MA. Antananarivo teo aloha ary ny Renala FI.MPI.MA.

**Tiaray R**

> **HOTSAKOTSAKOINA**
>
> "Ny atao hoe sakaiza dia izay tena tia tokoa. Azo antsoina n'aiza n'aiza, na matory na mifoha. Mitonona ho rahalahy, mamonjy hatrany, tena sahy."
>
> Ny Vetso (20.11.13) ("Ohabolana 17:17")
>
> ("Les vrais amis sont ceux sur lesquels on peut compter même quand on en a besoin." Jean Lefêbre)

Jerry Marcoss sy Jazz MMC

# "Tsara resaka" nentina nanambatra ny heriny



**Tafaray ny samy andrarezin'ny mozika.**

Ny folakandron'ny alahady 15 janoary tamin'ny 15 ora folakandro (3 ora hariva). Tamin'io fotoana io no nivoaka tamin'ny fomba ofisialy ary niparitaka tamin'ny tambajotran-tserasera ny vazo vaovao hiarahan'i Jazz MMC sy Jerry Marcoss mihira. « *Tsara resaka* » no lohatenin'io hira io, izay anisan'ny fampiaraham-peo nanamarika ity fiandohan'ny taona 2023 ity. Hira mihetsiketsika tanteraka izy io, izay i Jazz Mmc no namorona azy, fa i Jerry Marcoss kosa no nofidiany hampiara-peo aminy ao anatiny. Mpanakanto samy sangany ary samy manana ny maha izy azy : i Jerry Marcoss mpanjakan'ny kawitry efa am-polon-taona maro nitondra ny vazony maneran-tany ; etsy ankilany i Jazz Mmc, kintan'ny « waza style » mankalaza ny 10 taona nilomany tao anatin'ny mozika matihanina ary efa nitety firenena maro ihany koa.

Araka izany, manomana zava-baovao maro ho an'ny mpankafy mozika i Jazz Mmc amin'izao fankalazany ny 10 taona nihirany izao. « *Nanomboka tamin'ny « Atova » nivoaka tamin'ny 2013 ka hatramin'izao 2023 izao. Teo foana aho ary mbola eto* », hoy izy.

Raha ny fahitana azy hatramin'izao, mafanafana ary azo lazaina fa vetivety dia ho tafita eny amin'ny mpankafy ny « *Tsara resaka* ». Mbola santatra am-bavarano ihany io, fa ny manetsa be mbola ho avy.

**Fy**

Al Madagascar

# Manomana "grand défilé de mode, collection 2023"

Miketrika zavatra miavaka ho an'ny mpankafy lamaody indray i Al Madagascar amin'ity taona ity. Amin'ny volana aprily io,manomana "grand défilé de mode" izy izay hatao any Antsirabe. "Collection avril 2023", io no lohateny nitondràny izany hetsika izany. Raha tsiahivina moa dia tamin'ny volana mey 2022 no naha mpamorona haihaingo (styliste) i Al Madagascar, efa maro ny asa-tanany ary izany indrindra no mahatonga azy te hampiseho ireo talentany amin'ny rehetra. Efa nisy



olona nanjairany akanjo manokana mihitsy koa moa tao anatin'izay taona niasàny izay ka dia efa maro no mahita sy mankafy ny talentany. Raha araka ny resaka nifavaonay taminy moa dia tena anisany tena iaingan'ny aingam-panahiny ny fahatsaran'ny tontolo,izany hoe izay hitan'ny maso mahafinaritra no manainga azy hamorona zavatra iray,eo koa ny nofy, sahalan'ny hoe azon'ny nofy ny zavatra tiany ho foronina ka mamoaka kanto ho azy izy avy eo. Mahafinaritra azy mihitsy ihany kia ny manao akanjo miavaka amin'ny olona sy mba manintona ny mason'ny olona ka izay koa no tena nidirany teo amin'ny sehatry ny haihaingo. Anisany akora tena ampiasainy kosa amin'ity asa famoronana ataony ity ny lamba Landy,ny lambahoany ,ny lamba misoratsoratra ary lamba hafa koa. Azo atao tsara ny miresaka aminy ao amin'ny fesiboky Larry de Betsimisaraka raha ohatra misy fiaraha-miasa tiana hatao aminy.

**Tanya.R**

Diosezin'i Mahajanga

# Amin'ny 12 Febroary ny Sorona Masina fametrahana ny eveka vaovao

Hitohy ny fanamafisana ny fametrahana ho Eveka eto Madagasikara ka araka ny fandaharam-potoana dia ny 12 Febroary izao indray no anjaran'ny Evekan'ny Diosezin'i Mahajanga ny Mgr Zygmunt Robaszkiewicz. Ao anatin'ny Faritra ekleziastika Avaratra miaraka amin'Antsiranana sy Ambanja ary Port Bergé no misy ny Diosezin'ny Mahajanga. Efa nivoaka moa ny fandaharam-potoana mikasika izany. Ny 8 Febroary maraina ny fitsenana azy ao Andriba izay varavaran'ny Diosezy. Ny harivan'io ihany dia hisy lamesa ao Maevatanana. Ny Alakamisy no fantatra fa higadona ao Mahajanga ao amin'ny Paroasy Katedraly ny Eveka vaovao. Ny ampitson'iny dia hisy alim-bavaka sy fijoroana vaolom-belona ao amin'ny Paroasy Fo Madion'ny Marie, Katedraly ao Mahajanga ary ny 12 Febroary ny lamesa lehibe Raha tsiahivina dia ny ny Asabotsy 19 novambra



**Mitohy ny fametrahana eveka ka anjaran'ny Mgr Zygmunt Robaszkiewicz indray izao.**

2022 izy no voatendren'ny Papa Fransoa ho evekan'ny Diosezin'i Mahajanga. Mialoha izany anefa dia efa Evekan'i Morombe nanomboka ny 23 aprily 2001. Ny 8 septambra 1980 izy no nanonona ny voady voalohany ary telo taona taorin'io no nana voady farany. Nandalo fiofanana sy fianarana maro izy ary ny 11 jona 1986 no nohamasinina ho pretra.

**Ambanja**

Tiana ny manamarika fa tontosa ny Alahady 15 Janoary teo ny fanamasinana ho eveka an'i Mgr Donatien Francis Randriamalala. Fotoam-pivavahana lehibe tao amin'ny kianja monisipaly Ambanja no nanamarihana izany ary tonga nanatrika izany avokoa ny Eveka rehetra eto Madagasikara, ary ny Nonce Apostolique vaovao, Ny Mgr Thomaz Grysa. Nanotrona izany ihany koa ireo olom-boafidy sy tompon'andraiki-panjakana isan-tokony izay notronin'ireo mpino maro avy amin'ny Ekar ao Ambanja sy ny manodidina. "Ho tanteraka anie ny sitraponao", no teny faneva nofidian'ny Eveka vaovao'ny Diosezin' Ambanja. Ny Asabotsy mialoha izany anefa dia nomena joro tsara amin'ny fomba Sakalava ny Eveka vaovao ka Doyen Pr Jaovelo Jao, mpahay fomban-drazana Sakalava no nitaokataoka ny hataka.

**Tiaray Rakoto**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80 Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 888 - 01 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Paty amin'ny poarao sy fromazy**

Zavatra ilaina : paty 250 g, poarao 3, fromazy 200g, crème fraîche 200ml, divay fotsy 100ml, tongolo be 2, dibera 2 sotro lehibe

Diovy tsara dia teteho ny poarao. Maka vilany dia endaso amin'ny dibera kely ny tongolo be sy ny poarao. Raraho ao ny divay fotsysy ny crème fraîche. Ataovy afo malefaka. Etsy ankilany ampangotrahy ny paty. Teteho madinika ny fromazy. Rehefa masaka ny paty dia tsihifo ka arotsahy anaty vilany miaraka amin'ny poarao. Afangaroy amin'ny farany ny sakafo rehetra dia raraho eo ambony ny fromazy.

Karate - Emile Ratefinanahary

# Tsy manaiky ny fanapahan-kevitra noraisin'ny K.O.M



**Manazava an'ilay tatitra tsy nalefan'ny D.G-n'ny MJS i Vazaha !**

Andro vitsy monja taorian'ny niverenan'Atoa Siteny Randrianasoloniaiko amin'ny toeran'ny maha filohan'ny Komity Olympika Malagasy azy, dia tsy neken'Atoa Emile Ratefinanahary "Vazaha" sy ny mpiara-dia aminy ny nisian'ny solontenan'Atoa Solofo Andrianavomanana, nanatrika ny fivoriambe (A.G.E) tany Toliary tamin'ny faran'ny herinandro teo, izay anisan'ny federasionina nampandany ny filoha am-perinasa. Nambaran'Atoa Emile Ratefinanahary fa efa nanapa-kevitra ny mpitantana ny federasionina iraisam-pirenena amin'ny karate, araka ny taratasy nalefan'Atoa Antonio Espinoa (Madrid, 23 desambra 2022) filohany, fa mihantona ny federasionina roa tonta, izay tantaniny sy ny an'Atoa Andrianavomanana Solofo. Araka izany dia navohitrany fa tsy ara-dalàna, ary tokony tsy hanan-kery intsony koa, ny maha filohan'ny K.O.M an'Atoa Siteny Randrianasoloniaiko, satria tsy ara-dàlana ny mpifidy nalefan'ny FMK. Tetsy andanin' izany dia tsy nekeny koa ny fanapahan-kevitry ny K.O.M, tsy hampandray anjara ny mpanao karate sy ny kanetibe amin'ny lalaon'ny nosy 2023 eto amintsika amin'ny volana aogositra. " *Ny mpitantana no voasazy fa tsy ny atleta. Ireo taranja anankiroa ireo dia azo antoka fa handrombahantsika medaly volamena marobe, noho ny fahaizan'ny mpilalaontsika azy ireo. Efa ao anatin'ny fampivondronana ny mpikatroka izahay (mahatratra 35 ny isan'ny mpikatroka raha 40 no tokony ho izy), hitiliana sy hanivanana ny mpikambana ho ao anatin' ny ekipam-pirenena, hiaro ny voninahi-pirenena amin'ny lalaon'ny nosy, izay anisan'ny tanjona voalohan'ny federasionina tantaninay, hamerenana ny lazan'i Madagasikara tamin'ny J.I.O 2007* ".

**Tsy lasa ny tatitra !**

Ankoatra an'izany dia nohazavainy tamin'ny antsipiriany ny fisian'ny antontan-taratasy (N°044 – 12/MJS/SG/DGS), nosoniavin'ny Tale Jeneralin' ny Fanatanjahantena, mirakitra ny hevitry ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, manazava ny fipetraky ny toe-draharaha eo anivon' ny FMK (Avis du MJS sur la situation de la FMK sur la qualité des membres de l'Assemblée Générale Extraordinaire avant délibéré en date du 07 juillet 2022 / Sur la protection de la souveraineté de l'A.G de la F.M.K contre toutes formes d'ingérence et d'immixtion extérieures), kanefa tsy nalefany any amin'ny filohan'ny World Karate Federation. Tokony efa nivaha ela, hoy izy, ny olana, raha nazava tamin'ny W.F.K ny toe-draharahan'ny karate eto amintsika. Nomarihan'i Vazaha fa anisan'ny nandray anjara tamin'ny fivoriana nataon'ny K.O.M tany Toliary ny Tale Jeneralin'ny M.J.S. Nambarany mihitsy aza moa fa misy firaisana tsikombakomba, teo amin'ny D.G sy ny filohan'ny K.O.M, amin'ny tsy nandefasana an'izany tatitra izany, efa ho iray volana sy tapany amin'izao fotoana izao, tokony ahafantaran'ny W.F.K an'izany olana izany. Ankoatra ny fanairana ny Minisitra Tinoka Roberto amin'ny hanomezany baiko ny D.G-ny, handefa an'izany tatitra izany any amin'ny W.F.K, dia nanaovany antso avo momba an'izao olana izao ihany koa ny Filohampirenena Andry Nirina Rajoelina, izay mpikatroka karate indrindra koa.

**aris rafaly**

Rugby Afrika

# Hirotsaka anatin'ny komity mpanatanteraka i Marcel Rakotomalala

*Mila aloa mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana amin'ny marsa izao,ireo trosa isan-karazany, raha tsy izany tsy afaka mandray anjara sy mirotsaka hofidiana ingahy Marcel Rakotomalala.*

Hotanterahana amin'ny marsa izao ny fifidianana izay mpitantana eo anivon' ny Rugby Afrika. Araka ny fantatra, hirotsaka hifaninana anatin'ny komity mpanatanteraka i Madagasikara, amin'ny alalan'ny filohan'ny Malagasy Rugby, Marcel Rakotomalala. Betsaka no antony nahatonga azy hiditra amin'izany, noho ireo tombotsoa maro tokony ho sitrahan'i Madagasikara. Eo ihany koa ny isorohana ireo fingampingana, toy ny nahazo ny Makis teo ireny. Vaovao lehibe ihany koa ny nambaran'ity filohan'ny Malagasy Rugby ity, fa noho ny ezaka vitan'ny federasiona, Izay tafiditra laharana fahefatra aty Afrika ny ekipam-pirenena, sy laharana faharoa eo amin'ny tetikasa fampandrosoana, aorian'ny Afrika atsimo, dia azo antoka fa hitombo ny tetibola fanampian'ny World Rugby ho an'i Madagasikara, ary hanomboka hahazo ilay vola fanampiana hiatrehana ny karazana fifaninanana rehetra ihany koa isika, izay tsy mbola nisy hatramin'izay. Eo am-piandrasana izany, efa fantampantatra avokoa ireo fifaninanana iraisam-pirenena miandry ny Malagasy Rugby amin'ity taom-pilalaovana vaovao ity, ka ho an'ny Makis vehivavy à7, dia hiatrika ilay fiadiana ny tompondakan'i afrika, atao atsy Afrika atsimo izy ireo, izay sady fifanitsanana amin'ny Lalao Olympika 2024, Vehivavy a7 atao any afrika atsimo, raha fahatelo moa ny Makis dia mbola afaka miatrika " repêchage". Raha mbola fahaefatra ihany koa aza izy, mbola mandray anjara amin'ny fifaninanana " word tour série", ka mandeha miatrika fifaninanana manerana izao tontolo izao raha toa ka mahazo ny tapakila. Hisy koa ny fifaninanana hanomanana izany. Ho an'ny Makis Quatres junior indray dia hiatrika ny fifanitsanana amin"ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika sy ny tompondaka eran-tany izy ka raha tafavoaka eo dia mandeha atsy Kenya amin'ny jolay 2023. Ho an'ny Makis à7 lehilahy kosa dia hiatrika lalao fifanitsanana amin'ny Lalao Olympika izy ireo sy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika. Ho an'ny Makis Lehilahy à15, dia hiatrika ny lalao hametrahana ny filaharana izy ireo. Nampatsiahivin'ity filohan'ny Malagasy Rugby ity, fa tsy nahazo "subvention" mihitsy ny Makis à15 vehivavy teo ireny, ary ny ampahefatra ny vola notadiavina no azo,ka hitondrany fisaorana ny banky iray eto amin'ny Renivohitra, nanamora ny fiaraha-miasa.

**Rabenaivo**



**Vonona hanara-dia an'i Siteny hiditra anatin'ny fitantanana ny fanatanjahantena aty Afrika ihany koa ingahy Marcel Rakotomalala.**

## CHAN 2023

Tsara fanombohana ny ekipampirenentsika fa nandresy ny Black Galaxies tamin'ny isa 2 no ho 1. Raha tsy nisy ny fahadisoana nataon'i Nina, nivoaka kely ny faritra tsy azo ivalozana, dia tsy nitoko mihitsy ny ganeanina, izay nampihena ny isa ho 2 no ho 1 teo amin'ny faha-69 mn nilalaovana. Nisantatra ny baolina tafiditry ny Barea Madagascar voalohany i Rakoul (11 mn), nahazo tolotra avy tany amin'i Jean Yves, tamin'ny alalan'ny baolina nalefan'i Tsiry ho azy tany amin'ny elatra havia. Roa minitra taorian'izany dia nomen'ny mpitsara lalao libianina "penalty" ny ganeanina. Rehefa nojerena tamin'ny "Video Assistant Referee" anefa izany dia nofoana indray satria nibolisatra ilay lohalaharana fa tsy voadonan'i Berajo akory. Nanao hadisoana ny vodilaharan'i Ghana (62 mn), hain'i Tsiry ny nanararaotra an'izany nanaovana voanjo alatsaka ny mpiandry tsatoby. Noho izao zava-bitan'ny mpilalaon'i Rôrô izao dia efa azo antoka ny hiakarana amin'ny dingan'ny ampahefa-dàlana na dia ho ady sahala fotsiny aza no vitan-dry tantely (kap) sy ny namany. Soudan sisa no hifandona amintsika fa i Maroc "forfait". Marihina fa "homme du match" i Tsiry noho ny zava-bitany tamin'iny fihaonana iny.

**Fandaharan-dalao anio**

7 ora : Mozambika # Libye (A)

10 ora : Algerie # Ethiopie (A)

**a.r**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, TV, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-12)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-12)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-9)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-9)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-11)

* Cours de Français, Anglais chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (GBA 443/3-2)

### MITADY ASA

* Lhl 40 taona. Mitady asa toy ny Gardien sy Jardinier. Efa niasa ela. Tél : 034.86.272.55. (GBA 444/1)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation Makiplast. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 442/6-5)

### VIDANGE

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 440/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 440/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 440/6-6)

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-1)

Imerinafovoany

# Mpanotra malaza maty voafaokan'ny môtô "Racing king"

*Naratra mafy mbola tsy mahatsiaro tena ihany koa ilay tovolahy nitondra ity kodiarandroa ity.*

Namoy ny ainy vokatry ny lozam-pifamoivoizana niseho teny amin'ny lalampirenena fahefatra iny, ny andron'ny alahady teo ny lehilahy iray izay fantatra fa manana an-tonasa amin'ny resaka fanorana (Masseur). Maty tsy tra-drano izy voafaokan'ny môtô teny Imerinafovoany, fokontany Talatamaty distrikan' Ambohidratrimo. Ankoatra io dia naratra mafy mbola tsy mahatsiaro tena ihany koa ny tovolahy (21 taona) nitondra ity kodiaran-droa tradoza ity. Voadona ny lohany ary araka ny loharanom-baovao dia mbola tsaboina ao amin'ny hopitaly Hjra izy amin'izao. Môtô marika «Racing king» avy any Ambohibao hihazo an'Antehiroka ilay niharandoza. Tokony tamin'ny 8 ora alina no nitranga ny loza.

**Mandray an-tanana**

« *Hatreto aloha ny zavatra azo ambara dia nisy tsy fitandreman'ny mpamily tamin'ity tranga ity. Tsy ara-dalàna ihany koa ny antotan-taratasy momba ny môtô nentiny satria tsy nisy afa-tsy faktiora tany aminy* » : araka ny loharanom-baovao avy amin' ny mpitandro ny filaminana izay mandray an-tanana ny tohin'ny fanadihadiana. Efa natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiaka an' ilay namoy ny ainy taorian'ny fikarakarana natao. Ny angombaovao ihany no nahafantarana fa anadahin-dRamatoa « *secrétaire de la délégation de l'Union Européenne* » etsy Ankorondrano, io olona matin'ny lozam-pifamoivoizana io. Ity farany rahateo no nampandre ny zandary ny zava-nitranga.

**Ariel D.**

Antsalovana

# Efa-dahy manendaka miaraka amin'ny antsy nifanenjehan'ny polisy

Anisan'ny toerana mampikaikaika ny mponina indrindra fa ireo mpandalo eny amin'ny faritra Antsalovana sy ny manodidina iny ny fisian' ireo jiolahy mpanendaka miaraka amin'ny antsy. Nandray ny andraikiny avy hatrany izy ireo. Nisy ny paikady natao dia ny fanampiana isa ireo polisy manao fisafoana eny amin'ny toerana vory olona na any an'elakelantrano izany na koa eny an-dalam-be. Omaly tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany maraina rehefa nanao fisafoana teny an-toerana ny polisy no nahatsikaritra efa-dahy nanendaka ka handeha hanao ny fisamborana no vaky nandositra ireo olon-dratsy raha vao nahatazana polisy. Tsy namelan' ireo farany ireo olon-dratsy ka raikitra ny fanenjehana ary dia tratra tsy lavitra teo ny roa lahy fa ireo namany roa hafa kosa tafaporitsaka. Nentina tany amin'ny biraon' ny polisy ireo tratra ireo. Efa nahazo finday roa izay zavatra azony tamin'ilay olona norobainy ry zalahy ireto fa lasan'ireo namany tafatsoaka izany. Efa nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy teny amin'ny "Poste de police Avancé Antaniavo" izy roa lahy tratra ireo ary mitohy kosa ny fikarohana ireo namany.

**T.H**

Andraisoro Ambohitsoa

# Lehilahy nigadra noho ny halatra akoho dia voasambotra indray

Lehilahy iray 23 taona efa nigadra noho ny halatra akoho amam-borona dia mbola voasambotra noho io resaka halatra akoho io ihany amin'izao fotoana izao afakomaly tokony ho tamin'ny 5 ora hariva teny Andraisoro Ambohitsoa. Nandritra ny fisafoana nataon'ny mpitandro filaminana tamin'io fotoana io no nahatsikaritra lehilahy iray izy ireo izay nidi-tra tao amin'ny tanànan'olona ary nangalatra akoho avy eo. Mbola tratra ambody omby teo am-panaovana io asa ratsiny io ralehilahy satria izy efa nitondra ilay zavatra nangalariny iny no sarona saika hitsambikina teo amin'ilay tambohon'olona. Nosamborina avy hatrany ralehilahy ary nentina tany amin'ny biraon' ny polisy teny amin'ny kaomisarian'ny boriborintany fahatelo eny Antaninandro. Nandritra ny fakàna ambavany azy dia niaiky ny heloka vitany ity mpangalatra ity. Fantatra fa vao tsy ela izy no nigadra tamin'io resaka halatra biby fiompy io dia izao sarona izao indray. Mitohy ny fanadihadiana.

**T.H**

Ihosy

# Tovolahy 15 taona nahatrarana basy vita gasy

Lehilahy roa no nahatrarana basy vita gasy tany Ihosy Andrefantsena ny sabotsy lasa teo ka fantatra fa mbola tsy ampy taona ny iray amin' izy ireo satria vao 15 taona monja ary 20 taona kosa ilay namany. Nanatanteraka ny asa fisafoana efa fanaony ny polisy ka nandritra izany no nahitan'izy ireo an'ireto roa lahy ireto izay hafahafaha fihetsika. Mailo avy hatrany ireto mpitandro filaminana ka nanatonana ireo roa lahy ka rehefa natao ny fisavana azy ireo dia nahitana basy vita gasy iray teny amin'izy ireo, araka ny fanazavana azo. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy avy hatrany izy roa lahy tratra nitazona basy tsy ara-dalàna ireo ary nandritra ny famotorana no nahafantarana fa saika handeha hanao asa ratsy izy roa lahy no izao tra-tehaka izao. Fantatra hatrany fa avy ao amin'ny kaominina Irina ilay tovolahy tsy ampy taona ary mipetraka any Tolomiady kosa ilay namany niaraka taminy. Notanana tao amin'ny kaomisarian'Ihosy ry zalahy mialoha ny hanolorana ny raharaha any amin'ny fampanoavana any an-toerana. Mitohy ny fanadihadiana.

**T.H**

Toamasina

# Jiolahy efatra maty voatifitry ny polisy

Jiolahy efatra no voatifitry ny polisin'ny FIP sy UIR tany Toamasina alin'ny alahady lasa teo ka iray anisan'ny lavon'ny bala dia izany Rasihanaka izany izay lehibe mpitarika ireo olon-dratsy ireto. Araka ny fanazavana azo dia jiolahy efa nikarohan'ny polisy efa ela izy ireo ka tamin'io fotoana io dia nahazo loharanom-baovao ireto mpitandro filaminana ireto fa mikononkonona hanao fanafihana mitam-piadiana any an-toerana indray ry zalahy. Tsy voafaritra mazava moa izay toerana saika hanatanterahany ny asa ratsin'izy ireo tamin'io fa vao naheno izany ny polisy dia nandeha tany amin'ilay toerana voalaza fa nanao velam-pandrika avy hatrany. Dia indreo fa hita tokoa ry zalahy. Nisy ny fanoherana nataon'ireo olon-dratsy ka voatery nampiasa ny basy teny aminy ny polisy ary dia ireo maty voatifitra ireo avokoa izy efa-dahy ireto. Araka ny fantatra dia sabatra no hita teny amin-dry zalahy ireo. Ny fanampim-panazavana no nahalalana fa sady mpanao fanafihana mitam-piadiana no mpanao fakàna an-keriny ireto andian-jiolahy ireto. Ary any Toamasina sy any Ambatondrazaka no fanaony ny asa ratsiny. Fantatra fa anisan'ny nandoro olona Vohidiala ry zalahy ireo. Efa nentina tany amin'ny tranom-patin'ny hopitaly tany antoerana ireo razana efatra ireo taorian'izay.

**T.H**

Ndremitsara Tarzan

# Mampivondrona hery ireo samy mpanohana fitondrana

Mihetsiketsika avokoa ankehitriny ny mpanao politika fa taonan'ny fifidiana ny 2023. Tsy diso anjara amin'izany fa nanao fanehoan-kevitra Andriamatoa Ndremitsara Tarzan, filohan'ny Ifi Antananarivo, sady filoha lefitry ny Fimar miaraka amin'ny IRK. Nilaza izy fa mampivondrona hery ny samy mpanohana ny Filoha amin'ny fanataterahana ny velirano 13 sy ny Veliranon'Iarivo. Io fanambarana io no nentin'ity filohan'i Fikambanana fimmar-ifi ity, nandritra ny Fiarahabana tratry ny taona ny ben'ny tanàna Antananarivo ny faran'ny herin'andro teo. « Ny namana rehetra dia samy miezaka miaramiasa. Izay antoko na olona manohana ny filoha dia ironan'ny « IFI » avokoa. Tsy ny ben'ny tanàna ihanyfa mivondrona amin'ny fikambanana hafa izahay ary vonona hanome tanana amin'ny filoham-pirenena amin'ny fifidianana 2023 ity » hoy ihany andriamatoa Ndremitsara Tarzan. Fantatra fa miomana fatratra ary samy manetsika ny olona mpomba azy ireto fikambanana ireto ary nilaza fa hanara-maso ny lisim-pifidianana.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

***#Notafihin'ny dahalo am-polony nirongo basy sy zava-maranitra ny raim-pianakaviana iray monina ao*** Andranomavo fokontany Manotronotro kaominina Manambidala distrikan'i Vondrozo, omaly tokony tamin'ny 3 ora maraina. Lasan'ireo dahalo tamin'izany ny omby miisa 34 ary nisy olona iray naratra voafira antsy tamin'ny lamosiny, saingy efa nahazo fitsaboana ka tsy misy atahorana ny ainy.

***# Nanao fanambarana ny masoivoho any Frantsa fa misy tovovavy malagasy iray (31 taona) antsoina hoe Laura Rabesandratana.*** Tsy hita tao Rennes ity tovovavy ity nanomboka ny 12 janoary teo ary mbola tsy fantatra izay misy azy hatramin'izao. Nilaza ny fianakaviany fa nitondra fiara « Skoda Fabia » laharana « AG-612-QW » i Laura tamin'ny fotoana nahitana azy.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Hihety volo**




## Hatsikana an-tsary

**Hovaina**




## Masoandro Miposaka

**2 Korintiana 5 : 14-15**


Fa ny fitiavan' i Kristy no manery anay, satria izao no hevitray: maty ny Anankiray hamonjy ny olona rehetra, ka dia maty koa izy rehetra; ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an'ny tenany intsony izay velona, fa ho an'izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ilay banga nanao solo-nify : afakenatra eo ampihomehezana, fa latsa-dranomaso eo am-pihinanana.**

Celui qui s'est mis de fausses dents : quand il rit, il n'a plus honte, mais quand il s'agit de manger, il verse des larmes (parce qu'alors elles tombent).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2853

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | 4 | 6 | | |
| | | 9 | | | | | 2 | 1 |
| | | | | 7 | 9 | | | |
| | | | | | | | | |
| 9 | 6 | 1 | | | | | | 8 |
| | | | | | | | 3 | 5 |
| | | 3 | 5 | | 6 | | | |
| 4 | | | 9 | 3 | | 7 | | |
| | 2 | | | | | | | 4 |

Valin'ny laharana 2852

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 9 | 4 | 7 | 6 | 3 | 2 | 5 | 8 |
| 5 | 8 | 6 | 1 | 2 | 4 | 3 | 9 | 7 |
| 7 | 2 | 3 | 5 | 9 | 8 | 1 | 6 | 4 |
| 8 | 5 | 9 | 3 | 1 | 6 | 4 | 7 | 2 |
| 4 | 3 | 7 | 2 | 5 | 9 | 6 | 8 | 1 |
| 2 | 6 | 1 | 8 | 4 | 7 | 5 | 3 | 9 |
| 3 | 4 | 2 | 9 | 7 | 5 | 8 | 1 | 6 |
| 6 | 7 | 5 | 4 | 8 | 1 | 9 | 2 | 3 |
| 9 | 1 | 8 | 6 | 3 | 2 | 7 | 4 | 5 |

Minisitra Tokely Justin

# Niantso fitoniana ho fanomanana ny fifidianana

*Hentitra ny tenany raha nanambara fa tokony ho tandremana ny vaovao havoaka mba tsy hiteraka korontana sy savorovoro.*


**Ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefahana niantso fitoniana.**

Manoloana ny rivotra politika izay mihamafana ankehitriny, dia tsy mitsahatra ny mamerimberina manao antso avo amin'ny hisian'ny fitoniana ireo tomponandraikitra isantsokajiny. Mbola nanamafy ny hisian'izany omaly ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana Atoa Tokely Justin. Ny fifidianana izay hatrehan' ny firenena amin'ity taona ity no antony lehibe mahatonga azy manao antso avo tahaka izao. « *Ilaina ny hisian'ny fitoniana manoloana ny fiatrehana ny fifidianana. Manentana ny vahoaka malagasy mba ho tony* », hoy Atoa Minisitra. Isan'ny iantefan'ny hafatra nataony tamin' izany ireo antoko politika, fiangonana sy fikambanana maro. Tetsy andanin'izany, dia nanamafy ny minisitry ny Atitany fa mila hajaina ny soatoavina malagasy. Hentitra ny tenany raha nanambara fa tokony ho tandremana ny vaovao havoaka mba tsy hiteraka korontana sy savorovoro. « *Tokony ho vaovao mari-pototra sy voamarina ny haparitaka sy havoaka* », hoy ihany Atoa Minisitry ny Atitany. Raha tsahivina, hita ho nisamboaravoara ny toedraharaha politika manoloana ireo fanehoan-kevitra maro izay nifanesy tato ho ato. Efa manomboka ihany koa ny fitetezam-paritra ataon'ireo maniry ho kandidà amin'ny fifidianana Filohampirenena ka nahatonga ny minisitera nandray izao fepetra izao.

**JUDD**

Fifidianana filohan'ny Repoblika

# Miantso an'i Annick Ratsiraka ho kandidà ny AREMA


**Vonona hiatrika fifidianana ny AREMA.**

Notanterahina teny Faravohitra ny alahady teo ny fiarahabana sy firariana soa ny Sekretera Nasionalin'ny AREMA, Rtoa Annick Ratsiraka noho ny fahatratrarana ny taona vaovao 2023 nataon'ireo komity mpanatanteraka sy Sekretera Nasionaly lefitra avy amin'ny faritany enina ary ny rantsa-mangaikan'ny antoko. Tsy nijanona tamin' izay ihany ny resaka ka dia niantso ity zanaka vavin'ny Amiraly Didier Ratsiraka ity ho kandida amin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika, izay heverina hotanterahina eto amin'ny firenena amin'ity taona ity ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'izany antoko izany. Tsy namaly izany mivantana teo no ho eo Rtoa Annick Ratsiraka saingy nankasitraka ny mpikatroka rehetra amin'ny fifampitokisana eo amin'ireo mpitarika sy ny mpanaradia ny antoko ny tenany.

**Nahavita nitety faritany enina**

Mikasika izay resaka fifidianana izay hatrany, nampirisika ireo mpikatroka AREMA mba handray anjara amin'ireo fifidianana rehetra ho avy toy ny fifidianana kaominaly sy Solombavam-bahoaka Rtoa Sekretera Nasionaly nandritra ny fandraisam-pitenenany. Manaraka izany, nanao ny tatitra ny asa vita nandritra ny taona 2022 ihany koa Rtoa Annick Ratsiraka. « *Voatety ny faritany enina, vita ny fihaonamben'ny tanora sy ny Vehivavy Arema. Teo ihany koa ny fanadiovana natao teny amin'ny faritra Iva sy ny fanohanana ireo mpanao fanatanjahantena* », hoy ity lohandohan'ny AREMA ity tamin'izany. Farany, notanterahina teny Ankadikely ny alahady teo ny lalao famaranana baolina lavalava ho an'ny teny amin'ny distrika Avaradrano. Niantoka ny loka tamin'izany antoko Arema

**Mamy R.**

Fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro

# Tokantrano 34 860 any Atsimo Atsinanan'ny Nosy nisitraka Vatsy Tsinjo sy masomboly

Mitohy ny ezaka fanampiana ireo traboina any amin'ny tapany atsimo atsinanana vokatry ny fiovan'ny toetr' andro sy ny rivodoza. Araka izany, nitodika tamin'ny Faritra Vatovavy sy Fitovinany, nizara vatsy aratsakafo hiainan'ny olona ary fanampiana hanarenana ny fambolena any tany an-toerana, indrindra ao anatin'ny fotoan' ny maitso ahitra ny fitondrampanjakana. Tanjona amin'izany, araka ny fanazavana dia ny hanatsarana ny fahafahana miatrika ny fotoan-tsarotra ho an'ireo mpisitraka ny fanampiana ary hitohy any amin'ny distrikan' i Farafangana, Midongy Atsimo, ary Vangaindrano izany. Araka ny loharanombaovao avy eny amin'ny lapan'i Mahazoarivo, nisitraka izany fanampiana izany ny tao amin'ny distrikan'i Mananjary, nitohy tao amin'ny distrikan'i Manakara, Ikongo, Nosy Varika, ary Ifanadiana izany, ka hatramin'ny anio dia tokantrano 5325 no nizarana masomboly vary, tsaramaso, voan'anana, ary zezika.

**Sakafo fiarovana**

Manampy izany, tokantrano 34860 kosa no nahazo Vatsy Tsinjo izay nahitana vary, voamaina, lafarina, trondro am-by fotsy, menaka, sira, ary savony. Tao anatin'ireo distrika ireo ihany dia mbola tokantrano 1337 no nisitraka sakafo fiarovana, toy ny vary, menaka, ary voamaina. Araka io loharanom-baovao io hatrany, mbola tafiditra ao anatin'ny famatsiana avy amin' ny tambin'antoka « African Risk Capacity Group – ARC » ho an'ny loza ateraky ny rivodoza no nanaovana an'izao hetsika izao ka ny ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny CPGU sy ny ONN izay samy rantsamangaikan'ny Primatiora, ary ny BNGRC, no niara-nandray an-tanana ny fanatanterahana.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mivilana ny adihevitra !

**Vao misasaka ny janoary, volana eken'ny Malagasy, amin'ny ankapobeny fa mafy atrehina noho ny ankamaroan'ny tokatrano an-tanan-dany, rehefa avy niatrika fety. Tsy toy ny mateti-pitranga isan-taona anefa ity diavintsika ity satria mbola tsy migadona akory ny volana febroary sy ny andro ratsy misesy ary ny rivodoza dia efa tafakatra arivo ariary ny kapoakan'ny vary fotsy. Mihoa-pampana ny vidin'ny arina fandrehitra… Tranga vao maika manampy trotraka ny fahasahirananadRamalagasy, noho ny antony samihafa. Ny mahavalalanina anefa dia tsikaritra ho mivilana ny adihevitra. Raha tsorina dia tsy ny tena fototry ny olana no resahina sy hadihadiana ary vahana fa ny pitsopitsony izay toa vao maika miteraka lonilony sy fifankahalana ary fifandrafesan'ny samy mpiara-monina. Ny olompirenena rehetra anefa, na inona na inona firehana ananany sy toerana misy azy eo amin'ny fiarahamonina dia milaza miara-mahita fa mikoroso fahana ny fiainam-pirenena. Tsy vitan'izany fa pitik'afo kely fotsiny dia mety ho vidiana lafo. Ny mpandinika ny fiainam-pirenena tsy vitsy no efa naneho hevitra fa arakaraky ny androsoan'ny fotoana no mampihena ny elanelan-taona nitrangan'ny krizy pôlitika teto Madagasikara. Izany hoe, raha sivy ambiny folo taona taorian'ny fihetsiketsehan'ny 1972 vao nisy indray ny krizin'ny 1991 dia nihena 11 taona izany taty aoriana ary nandalo krizy indray ny firenena ny taona 2002. Fito taona taty aoriana dia efa iny mbola niarahan'ny rehetra nahatsiaro iny ny 2009. Manoloana ny ahiahy ny mety mbola hisian'ny krizy hampilentika lalina ny firenena indray, tsy aleo ve rey olona sorohina aloha satria heverina fa mbola azo sakanana raha haingana ny fiovam-penitra !**

Voahangy Rakotozafy

Ady amin'ny herisetra an-toeram-piasana

# Nosantarin'ny ministera mpiahy tamin'ny fidinana ifotony

Nanokatra ny fotoam-piasana 2023 omaly 16 Janoary ny Fitaleavana ankapobeny misahana ny Asa sy ny Lalàna Sosialy eo anivon'ny minisiteran'ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy. Nosantarin'izy ireo tamin'ny fidinana ifotony teny amin'ny toeram-piasana eto andrenivohitra izany. « *Tsy ny resaka karama na ny fisitrahana ireo zon'ny mpiasa ihany no tanjona, fa eo ihany koa ny fanandratana ny toeram-piasana mba ho lavitry ny herisetra miseho amin'ny endrika maro* », hoy izy ireo raha nitafa tamin'ny solontenan'ny mpiasa tao amin'ny orinasa iray mpisehatra amin'ny fanenoman-damba. Natomboka omaly araka izany ny asa, izay miompana misimisy kokoa amin'ny fampahafantarana an'ireo mpiasa sy mpampiasa ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny asa laharana faha-190. Fifanarahana manome lanja ny ady amin'ny herisetra eny anivon'ny toeram-piasana izay mety hiseho amin'ny ; herisetra ara-nofo, herisetra ara-tsaina, fanararaotana aranofo sns. Nomarihin'ny tomponandraikitra, fa anisan'ny vaindohan-draharahan'ny minisitera mpiahy amin'ity taona ity ny ady amin'ny herisetra eny anivon'ny toeram-piasana isan-karazany, mba ho fampanjariana ny vina faha-6 (Asa mendrika ho an'ny maro an'isa) napetraky ny fitondrampanjakana ankehitriny.

**Niry R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Midongy atsimo

# Olona 95 no matin'ny mosary, hoy ny Solombavam-bahoaka Tovondray Retsanga

*Mihady zavamaniry any anaty ala ny olona ka izany no karakaraina atao solon'ny sakafo.*

Tamin'ny volana novambra 2021 dia efa namoaka tamin' ny haino aman-jery ny Solombavambahoaka Tovondray Retsanga Brillant De l'Or izay voafidy tany amin'ny distrikan'i Midongy atsimo fa misy hain-tany tsy ahitam-panavotana ary tsy azo volena ny tanimbary any amin'ity distrika iadidiany ity ary efa olona 95 izao no matin' ny mosary tany an-toerana raha ny antontanisa tamin'ny volana oktobra 2022. *''Rehefa tonga ny rivodoza tamin'ny taon-dasa 2022 teo dia vao mainka nanampy trotraka izany. Eo no mahatonga ny vahoaka iharan'ny mosary any aminay ka lasa mihady zavamaniry any anaty ala ny olona ka izany no karakaraina atao solon'ny sakafo hohanina kanefa miteraka tsy fahasalamana izany satria misy poizina''*, hoy ny Solombavambahoaka Tovondray Retsanga. Isan'ny iantsona an'ity veoveo ity any amin'ny Faritra hafa ny hoe: ofika, antaly na koa hoe rangitrika.

**Tsifanjariantsakafo**

*''Veoveo no anaran'ilay zavamaniry hohanin'ny olona noho ny tsy fisian'ny sakafo izay samy nandehananay ny toerana nisy an'ireo. Ny nanaitra anay mafy dia ny Zandarimariampirenena izay miasa tao Lavaraty no nanome ny antontanisa taminay fa ireo olona ireo tsy matin'ny dahalo fa noho ny tsifanjariantsakafo sy ny hanohanana no nahafaty an'ireo. Izany no mahatonga ny ONN tena manao izay vitany amin'ny fanampiana ny mponina any an-toerana satria marary kibo ny olona any''*, hoy hatrany ity Solombavambahoaka ity. Raha ny fanadihadina nataonay dia antsoina amin'ny fiteny aratsiantifika hoe ''dioscorea sansibarensis pax'' ity zavamaniry ataon'olona solontsakafo ity. Ny soson-kevitra narosony dia ny fanamboarana ny lalam-pirenena faha-18 raha tiana ny handresy ny mosary any an-toerana satria isan'ny sakana mianjady amin'ny Malagasy any an-toerana ny haratsian'ny lalana misy ao amin'ity distrika ity. Fantatra aza fa tsy misy lalana mampitohy sy ifandraisana ny kaominina ambanivohitra fito any amin'ny distrikan'i Midongy atsimo.

**Heriniaina A.**

Olana amin'ny RN2

# Manahy vidin'entana miakatra, handray fepetra ny fanjakana

Niteraka savorovo ny hetsika fitokonana fanairana nataon'ireo mpitatitra entana amin'ny lalam-pirenena faharoa. Nandray fepetra avy hatrany ny teo anivon'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana ho fiarovana ny mpanjifa. *"Mety halaim-panahy hampiakatra vidin'entana ireo mpivarotra taorian'ny fanambarana fitokonana nataon'ireo mpitatitra entana. Mety hisy fiantraikany kely amin'ny vidin'entana ny fitokonana ataon'ireo mpitatitra entana, saingy tsy misy ahiana kosa ny famatsiana. Hohamafisina ny fanaraha-maso eny anivon' ny tsena. Hidina hanara-maso ny vidin'entana sy ny tahirin' entana ary ny kalitaon'ny entana ireo mpitsirika eto anivon'ny minisitera. Tafiditra ao anatin'izany ny vary ny siramamy, ny menaka, ny simenitra, sns. Nohamafisina ny fiaraha-miasa amin'ireo mpanafatra entana manana fiara fitaterana. Tafiditra ao anatin'ny fiatrehana ny maitso ahitra koa ity fepetra ity."*, hoy ireo tomponandraikitra notarihin'ny sekretera jeneraly teo anivon'ity minisitera ity. Anisan'ireo endrika tsy fanarahan-dalàna sazian'ny lalàna mifehy ny fifaninanana ny fangalana tombony mihom-pampàna, ny tsy fampiasana faktiora amin'ny entana amidy, ny tsy fametrahana vidin'entana, sns, izay mety hiafarana amin'ny fandoavana lamandy sy ny fanakatonana ny tranombarotra ary ny fisintonana ny fahazoan-dalana manao ny asam-barotra.

**R. Muray**

Andro ratsy

# Misy tangoron-drahona roa arahi-maso ao amin'ny ranomasimbe Indiana

Misy tangoron-drahona roa ara-himaso akaiky ao amin' ny ranomasimbe indianina. Ny iray any amin'ny 2009km atsinanana somary avaratra atsinanan'i Vohemar ary ny faharoa any amin'ny 957km avaratra atsinanan'i Vohemar. Raha ny tombana navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro, mety hikisaka miakandrefana haingana ilay tangoron-drahona voalohany ka mety hikambana ho andro ratsy tokana amin' ilay faharoa manomboka rahampitso alarobia. Vokatr'izay, ahiana hanambana ny morontsiraka avaratra, avaratra atsinanana sy afovoany Atsinanan'ny Nosy ity andro ratsy hiforona ity manomboka amin'io fotoana io. Hikorontana ihany koa ny toetry ny andro any andranomasina ary vinavinaina ho betsaka ny rotsak'orana ho an'ny tapany avaratra, avaratra atsinanana sy afovoany atsinanana. Mahazo filazana miloko maitso na filazana fanairana ny faritr'i Diana, Sava, Analanjirofo ary Atsinanana. Mitondra rivotra 30 hatramin'ny 40 Km/Ora ireo tangoron-drahona roa ireo ary mikisaka miakandrefana iny diany tao anatin' ny 24 ora. Hatreto anefa, voalaza fa mbola misedra olana avokoa anefa ireo tangoron-drahona ireo vokatry ny hamandoana tsy dia ampy sy ny hamafin'ny rivotra any ambony tsy taka-maso.

**Nath**

Tanjombato

# Miakatra ny rano, lakana no ifamezivezen'ny mponina

Miakatra ny rano eny amin'ny Kaominina ambanivohitr'i Tanjombato ka lasa lakana indray no ifamezivezen'ny mponina ao amin'ity kaominina ity izao indrindra ny ao amin' ny fokontanin'Ankeniheny sy Ambohimanatrika. Na eo aza anefa ity tranga fiakarana rano ity dia tsy mbola misy olona traboina noho izany ranobe izany ny mponina eny an-toerana. *''Efa nandray fepetra nialoha hisorohana ny fiakaran'ny rano izahay ka nanadio ny tatatra sy nanala ny olona teny amin'ny toerana iva mba tsy hisian'ilay hoe olona traboina. Misy toerana no lasa bassin natonaraly noho ny tsy fisiana fefiloha. Na izany aza efa miezaka izahay mampihatra an'izay zavatra izay. Mba hiarovana an'ireo olona amin'izao fiakaran'ny rano izao dia efa nanao fanentanana ny eo anivon'ny kaominina tamin' ny nanadiovana ny lakandrano. Tsy mbola misy atahorana hatreto fa ny toerana mitoka-monina no misy fa raha ny hoe trano dia tsy misy dibo-drano''*, hoy Atoa Tovo Rakotojohary, Ben'ny tanànan'i Tanjombato. Nomarihan'ity tomponandraikitra voalohany amin'ny fiadidiana ny tanàna ity fa tsy mbola nisy nifindra-monina na trano fonenana ireo mponina eny an-toerana. Ny olona rehetra izay nandeha an-tongotra kosa hatramin' izay dia mandeha lakana amin'izao mamaonjy ny toerana misy azy. Efa nanao fidinanana ifotony sy nanentana ny mponina amin'ireo fokontany dibodrano ny kaominina mba hitandrina ny amin'ny mety ho fiakaran'ny rano sy fitandrovana ny fefiloha fa tsy azo ipetrahana.

**Nangonin'i Heriniaina A.**

Mpitondra kamiao-RN 2

# Tapitra ny fanairana, hiroso amin'ny fitokonambe

Hafampàna ny raharaham-pitaterana any amin'ny lalampirenena faharoa na ny RN 2. Nanao hetsika fanairana tao Ankarefo, distrikan'i Moramanga, faritra Alaotra Mangoro, ireo mpitondra kaomiao, omaly sy afakomaly. *"Tsy mahandry ny fanombohan'ny asa amin'ny 15 febroary nampanantenain'ny fanjakana ireo mpitondra kamiao amin'ny RN 2. Ny fanotorana vato ireo lalana feno lavadavaka sy ny fipasohana izany no andrasan'izy ireo, izay asa tokony ho vita ao anatin'ny telo andro raha ela indrindra. Tapitra ny hetsika fanairana nataon'ireo sendikan'ny mpamily kamiao manerana an'i Madagasikara. Mbola hivory izahay aty amin'ny fikambanamben'ny mpitatitra entana manerana ny Nosy amin'ity herinandro ity, ka aorian'ny fivoriambe no hanapahanay na hanaraka ny hetsika ataon'ity sendika ity na koa handray fanapahan-kevitra hafa. Raha tsy mandray andraikitra anefa ny fanjakana dia mety hiroso amin'ny fitokonambe mafimafy kokoa eto Antananarivo izahay amin'ny alatsinainy ho avy izao."*, hoy Abdou Tino, filohan' ny ATC (Association des Transporteurs Camionneurs). Anisan'ireo olana nahatonga ireto mpamily ireto nanao fanairana ny fantiantoka ateraky ny faharatsian'ny lalana toy ny fahabetsahan'ny fotoana lany eny an-dalana, ny fisian'ny kamiao tra-doza matetika, ny fahaverezana entana, sns.

**R. Muray**

Ben'ny tanànan'Ampitatafika

# Manentana ireo fianakaviana manamorona ny fefiloha hijery vahaolana

Anisan'ny toerana sokajiana ho marefo rehefa fotoampahavaratra mahabetsaka rotsak'orana toy izao Ampitatafika. Araka ny fanazavan'ny ben'ny tanana Ramparaoelina Rado: « *Ireo mponina mipetraka manodidina ny fefiloha no mitondra faisana raha vao miakatra ny renirano. Efa tamin'ny volana oktobra izahay no efa nanentana ireo mponina sokajiana ho marefo hiomana amin'ny fotoampahavaratra. Nitety azy rehetra ireo izahay fa anisan'ny olana anefa tsy te handao ny fananany ny olona ka rehefa tena alohalika ny rano vao mikorapaka miala. Manodidina ny olona 400 eo anefa ireo olona matetika misedra olana vao betsaka ny rotsak'orana na ihany koa tonga ny rivodoza* ». Efa misy kosa ny fanamboarana ny fefiloha izay matetika vaky araka ny fanazavan'ny ben'ny tanàna hatrany noho ny fiaraha-miasa amin'ny banky iraisampirenena. Matetika mantsy, rehefa vaky ny fefiloha dia lasa any an-tanimbary ny rano ka sady potika ny fambolena no betsaka ireo trano ho tototry ny rano. Tsiahivina fa ny reniranon'i Sisaony sy Ikopa no manakaiky an'Ampitatafika. Raha ny tatitra navoakan'ny APIPA ny zoma lasa teo, 0,88 metatra ny haavon'i Sisaony eo amin'ny maridrefin'Ampitatafika raha 2,50m ny refy filazana loza manambana na ny loko mavo.

**Nath**

Sambava - Fiakaran'ny rano

# Naverina nody daholo ny mpianatra

Nanapa-kevitra ireo tomponandraikitra misahana ny fanabeazana ao Sambava fa tsy mianatra ny mpianatra rehetra ary nalefa nody avokoa izy rehetra omaly. Nanomboka ny alahady mantsy, orambe mijofo no nisy tany an-toerana. Vokany, tsy mitsahatra miakatra ny rano indrindra eny amin'ny arabe sy ny trano fonenan'ireo mpianatra. "Mba hisorohana ny loza mety hitranga, nisy ny fanapaha-kevitra noraisin'ny tomponandraikitry ny fanabeazana eto Sambava ampitsahatra ny fanabeazana rehetra. Maro mantsy ny trano efa tratran'ny tundra-drano. Miankina amin'izay fivoaran'ny toe-drano ny zavatra hitranga ho amin'ny anio." hoy Moramanana Lahitsara, provisora ao amin'ny Lycée Sambava raha azo an-tarobia omaly. Ny ankamaroan'ny sekoly rehetra nanaraka izay fanapaha-kevitra izay daholo. Ireo mpianatra eny amin'ny ambaratonga fototra no tena ahiana ka izy ireny no tena nandraisana izao fepetra izao. Ho an'Antalaha kosa, mbola nianatra daholo ny mpianatra satria tsy nisy fanapahankevitra noraisina.

**Nath**